


ALAHADY 2 KAREMY - TAONA D 2022



« **Raha mbola nivavaka Izy, dia niova toetra ny Tarehiny** »

(Lk. 9: 29)

Ry Kristianina havana, tena anatin'ny karemy isika ary nasongandintsika tamin'ny Alahady voalohany Karemy lasa teo fa Ady sady Dia ny fiainana izay hitondra antsika amin'ny

fankalazana an'i Kristy nitsangan-ko velona. Ady amin'ny ratsy hampivelatra antsika ka hahatonga ho Zanak'Andriamanitra miaraka amin'i Kristy nandresy ny ratsy sady Dia mankany amin'ny fiainana tsara misy an'Andriamanitra. Ady amin'ny fahotana tsy amin'izao karemy izao ihany fa ady isan'andro satria

Vakiteny I : Jen. 15, 5-12. 17-18
Tononkira : Salamo 26
Vakiteny II : Fil. 3, 17 — 4, 1
Evanjely : Lk. 9, 28b-36

ny fahotana no mahatonga antsika tsy mivelona ny maha zanak'Andriamanitra antsika ary manapotika ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra, ny tontolom-pinoana ka noho izany potika koa ny fifandraisantsika amin'ny tontolom-piainantsika sy ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary. Hitantsika izany amin'ireny fifangaroan'ny fiainantsika ireny izay ity KORONTANAVIRUS ity no anton'izany. Noho ny fahotana dia potika ny tontolom-piainantsika. Potika ny fifandraisantsika samy mpiara-belona eo anivon'ny fiaraha-monina vokatry ny fahotana satria tsy mahatohitra ny fakam-panahy maro samihafa isika. Fantantsika tsara

anefa fa i Jesoa efa niady izany fakam-panahy tany an'efitra izany araka ny tenin'Andriamanitra tamin'ny alahady teo.

Azontsika onogna tsara amin'izao ny anton'izao Sinaody atrehintsika izao ahafahantsika manorina Eglizy miara-dia mankany amin'ny fiainana maha-zanak'Andriamanitra mandray an-tanana ary miara-miady amin'ny ratsy manapotika antsika izay vatomisakana tsy ahafahantsika miroso amin'ny fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra hahitana ny fivelaran'ny mahaolona sy ny olon-drehetra.

Izany no tian'ny Papa asongadina amin'ny hafatry ny karemy ka mahatonga azy manantitrantitra araka ny tenin'I Md Paoly hoe : *“ Aoka tsy ho ketraka na ho kivy amin'ny asa fanasoavana ”*. Vokatry ny fiovam-penitra mahery vaika dia handresy ireo *“vatomisakana”* tsy hanaovan-tsoa. Raha resy ireo ratsy mikiky dia hihavao ny fifandraisana ka hifanasoa. Hiezaka isika hikolokolo ka ny filantsika sy ny sitrapo voafehy hifanaraka amin'ny tontolo iainana fa tsy fanaovana ny danin'ny kibo tahaka ny natao -hatramin'izay. Fa noho ny maha olon-dehibe amin'ny finoana izany hoe *“Olombaovao”* vokatry ny Paka, Fahariana vaovao entin'ny Paka dia miova ny fifandraisana. Io ilay départ vaovao lazaintsika amin'izao Sinaody izao.

Raha miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana tokoa isika dia hiara-hitsangana Aminy ka zary zava-boahary vaovao, izany tokoa no antenaintsika. Amin'izao Alahady faharoan'ny Karemy izao dia mampisongadina fa ny lalan'ny hazofijaliana, Ady sady Dia izay niainan'I Jesoa, dia tsy mandeha ho azy. Amin'ny maha-ADY sy DIA dia tsy mora tokoa. Fantatr'I Jesoa izany ka izany indrindra no nitondrany ireo mpianany nihataka, nivavaka teny antendrombohitra izay toerana niovary tarehy mba hampiharihary ny voninahitr'Andriamanitra mihoatra ny famirapiratana rehetra izay mahalevona ny haratsiana sy ny fijaliana rehetra.

Raha miombona amin'ny Tompo isika dia miova ny fiainantsika ary io fiovana tarehy io no azo lazaina ho zary ilay zava-boahary vaovao, izany no antenaintsika amin'izao Paka izay hidirantsika izao. Rehefa niova tarehy i Jesoa dia tonga fotsy manjopiaka ny endriny ary dia voalaza fa io fahazavana manjopiaka hita tamin'i Jesoa io no manambara ny maha-Andriamanitra Azy. Izany koa no andrasantsika amin'izao fiomanana ny fankalazana ny Paka izao, hanavaozantsika ny toky tamin'ny batemy satria io no mahatonga antsika ho zanak'Andriamanitra ka handraisantsika ny fahazavana manjopiaka izay manova ny fiainantsika manontolo. Ny fahitana an'izany no nahatonga an' i Piera, anisan'ireo apôstôly voalaza ao amin'ny evanjely izay novakiansika niany, nilaza tamin'i Jesoa hoe: *“Mahafinaritra ny mitoetra aty ka andeha hanangana lay telo”*.

Rehefa tena miombona amin'i Jesoa tokoa isika dia lasa zary Eglizy Olo velomin'ny Batemy, zary Eglizy Olona Velona ka noho izany dia faly miara-dia sy miombona tsy misy intsony ny efitrefitra fizarana fa Olo Araiky Isika Jiaby Fratelli Tutti. Izany no tsapan'I Md Piera sy ny namany teny tendrombohitra raha niova tarehy. Izay ihany koa no irintsika amin'izao Paka izao ary irintsika ihany koa amin'izao Sinaody izao. Samy hivolagna hoe : Tsara ny mitoetra sy

miombona amin'i Jesoa mba ho zary mpanorina Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra ka samy hanana ny anjara toerana ny rehetra. Izany no mahatonga ny Papa mamerimberina : *“Raha miova tokoa ny fontsika dia izany ny fibebahana”*, ho kolokolointsika tsara ny tranobe iombonantsika ny *“maison commune”* satria mamelona antsika. Ho tanteraka izany fikolokoloana izany raha miombona amin'i Kristy isika ka miara-misalahy mampandroso ny fiainantsika mba ho fiainana misy an'Andriamanitra, fiainana mitondra antsika amin'ny fampandrosoana ny olona manontolo. Ambaran'ny Evanjely amintsika ny làlan-kombana amin'izany : *“Inty ny zanako malalako, henoy Izy”*.

Ry Kristianina havamalala, amin'izao Karemy Ady sy Dia izao, ny làlan-kombana dia ny fandraisana ny tenin'Andriamanitra, ny fihainoantsika ny fampianarana atao amintsika ; Katolika aho ka mandalina ny finoako. Izany no ataontsika amin'izao Sinaody izao : Miaramitandregny ny Tenin'Andriamanitra, Fanilon'ny fiainantsika ary tsy Iza ny Tenin'Andriamanitra fa I Jesoa, Lalana, sy fahamarina ary fiainana. Izao tokoa izany no vanimpotoana tsara handalinantsika ny finoana, tsy hoe finoana an-kandrina fa katolika aho ka mijoro amin'ny finoako, katolika aho ka manompo, katolika aho ka mandray an-tanana, katolika aho ka mankalaza ny finoako. Ivelomantsika ireo rehetra ireo amin'izao karemy izao araky ny nampianarina antsika tamin'ny Alarobian'ny lavenona ka hirosoantsika amin'ny asan'ny famindram-po izay manambara fa mihaino an'i Jesoa isika ary tsy maintsy manapa-kevitra amin'ny hivelomantsika ny maha-Katolika antsika. Izao tokoa no hirosoantsika bebe kokoa amin'ny firotsahana amin'ny Sinaody. Mba ho tsy resaka fotsiny izany rehetra dia hirotsaka amin'ny vaomieran'ny asa isika fa indrindra amin'izao fotoan-tsarotra diavintsika izao noho ity KORONTANAVIRUS ity sy ireo vokadratsin'ny natiora noho ny fiovan'ny teotrandro hitantsika amin'ireny *“cyclone”* ireny. Ireo rehetra ireo no mahatonga ny tsy maintsy hivelomana ilay voalazan'ny hafatr'I Papa : *“aoka tsy ho ketraka amin'ny fanaovantsoa”*. Katolika aho ka mankalaza ny finoako. Izany indrindra no tokony hiverenantsika amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny sakramentan'ny fampihavanana, izay ambaran'ny vakiteny voalohany henontsika androany. Andriamanitra manao fanekem-pihavanana tamin'i Abrahama, izany no andrandraintsika koa rehefa miverina amin'Andriamanitra tokoa isika. Miombona amin'i Kristy ka zary zava-boahary vaovao araky ny fampianaran'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa *“ka hampitovy endrika azy amin'ny Vatany be voninahitra, araka ny herin'ny fahefana nampanekeny azy ny zavatra rehetra”*. Raha miombona amin'i Jesoa tokoa isika amin'izao Ady sady Dia ataontsika mankany amin'ny Paka izao, Ady amin'ny ratsy izao dia hiova tokoa isika ka hampitovian'i Jesoa endrika Aminy izany hoe tonga zanak'Andriamanitra isika. Raha zanak'Andriamanitra araky ny hafatry ny Papa amin'ny karemy isika dia hiezaka tokoa eo amin'ny fiainantsika andavanandro hanana izany fibebahana ara-ekolojika izany eo anivon'ny fiainantsika ka hahatonga antsika hanorina tontolo iainana vaovao hanjakan'ny fivelaran'ny tontolom-piainana dia ny zava-boaary.

Rehefa mivelatra araky ny mahaizy azy ny zava-boahary dia io no hanampy antsika hiroso hanorina ny tontolom-piainana vaovao, vokatry ny fontsika vaovao mampanjaka ny marina,

mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny ka mivelona ny tena fifankatiavana marina. Io ilay fihavanana sady kristianina no malagasy. Koa dia hamirapiratra tahaka ny fiovan-tarehin'i Jesoa ny tontolom-piainana ka hiroso amin'ny lalindalina kokoa amin'ny tontolom-pinoana izay hivelomantsika ny fifandraisantsika vaovao amin'Andriamanitra izay hanjaka eo anivontsika, eo anivon'ny fianakaviana Eglizy kely, eo anivon'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny Eglizy Tranon'Andriamanitra izay maha Eglizy Olona Velona antsika.

Ry Jesoa Tompo ô, mankasitraka sy mankatelina anao izahay amin'izao Alahady faharoa ny karemy izao izay nanehoanao ny fiovan-tarehy taratry ny hiseho aminay rehefa tanteraka tokoa ny tena fiovam-penitra mahery vaika eo amin'ny fiainanay sady handraisanay koa ny vokatry ny fanavotanao amin'izao firosoana amin'ny Paka izao, amin'izao fiatrehana ny Sinaody izao. Ambaranao fa tsy ny làlan'ny hazo fijaliana no tanjona na manana ny teny farany fa ny fitsanganan-ko velona raha manatanteraka izay Ady amin'ny ratsy izahay fa indrindra ity KORONTANAVIRUS ity. Tsy irery izahay mamakivaky izao karemy izao fa miaraka Aminao. Ho tanteraka soa aman-tsara amin'izao fankalazana ny Paka izao anie izany rehetra izany ka hiova tokoa izahay ka hahazo vokatsoa amin'izao Sinaody izao satria zary olombaovao ao Aminao, zary zava-boahary vaovao midera sy mankalaza ny fitiavanao sy ny voninahitrao eo anivon'izao tontolo izao.

Ry Jesoa Tompo ô, ampianaro izahay mba hahita ny voninahitrao eo amin'ny fiainanay. Ampianaro izahay hahay hihaino Anao tokoa amin'izao Ady sady Dia izao araky ny ambaran'Andriamanitra Ray "Inty ny zanako malalako, henoy izy". Enga anie izahay hiaramaty Aminao amin'ny fahotana dia hiaraka hitsangana Aminao ka ho zary Eglizy Olona Velomin'ny Batemy miara-dia miombona ka mandray an-tanana zary Tabernakla velona manorina Eglizy Fianakaviam-ben'Andriamanitra, FRATELLI TUTTI, OLO ARAIKY ISIKA JIABY mikajy ny Tranobe iombonana ka vonona izahay hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hampanjaka ny fifankatiavana sy fahamarinana, hampanjaka ny fihavanana sady kristianina no malagasy ka hitondra anay amin'ny fiadanana avy Aminao. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson